# Ny Baiboly ho an'ny ankizy

dia manolotra



# Ilay tafika kelin'i Gideona

Nosoratan'i: Edward Hughes
Sarin'i: Janie Forest; Alastair Platerson
Nampifanarahin'i: Ruth Klassen
Nadikan'i: Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay" na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta Amborovy Mahajanga Madagascar
Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

BFC
PO Box 3
Winnipeg, MB R3C 2G1
Canada

©2021 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.



Taorian'ny
nahafatesan'i
Josoa dia
tsy nankato
an'Andriamanitra
intsony ny
vahoakan'Israely
ary nanalavitra
Azy.



Navelan'Andriamanitra nodoran'ny Midiana noho izany ny vokatra sy ny tranon'izy ireo. Hany ka tany amin'ny zohy fierena tany an-tendrombohitra no nonina ny Israelita.



Namboly varimbazaha an-
tsokosoko ny lehilahy Israelita
iray. Nafeniny tao ambany
hazo lehibe iray, toerana tsy
misy mahita, ny vokatra
azony tamin'izany. Tsy
fantatr'ireo Midiana io
toerana io, saingy
Andriamanitra kosa
mahalala azy! Nandefa
anjely Andriamanitra
hitondra hafatra
ho an'i
Gideona.

Tian'Andriamanitra hamotika ny sarin'ilay andriamanitra tsy izy izay tompoin'ny rainy, ary hanorina alitara ho an'Andriamanitra tena Izy i Gideona. Na dia natahotra ny hovonoin'ireo mpiara-belona aminy aza i Gideona, dia nankatoaviny izay nandidian'Andriamanitra taminy.



Naniraka an'i Gideona hitarika ny miaramilan'ny Israely hiady amin'ireo Midiana ratsy fanahy ihany koa Andriamanitra.  Natahotra mafy i Gideona noho izany ka nangataka famantarana manokana avy amin'Andriamanitra, famantarana izay mampiseho azy fa tena homba azy tokoa izy.



Nametraka hoditra ondry teo amin'ny tany ary i Gideona.



Ary hoy izy tamin'Andriamanitra: "Raha misy ando eo amin'ny volon'ondry ary ny tany manodidina mijanona ho maina, dia ho fantatro fa ny tanako no hamonjenao ny Israely araka izay efa voalazanao".

Nony maraina inona tokoa fa maina ny tany, ary NY VOLON'ONDRY kosa dia LENAN'NY RANO tanteraka!

Mbola nanahy foana ihany anefa Gideona. Ny handefasan'Andriamanitra ando eo amin'ny tany indray no tadiaviny, fa tsy eo amin'ny volon'ondry. Nony maraina ary ny andro, dia indro fa lena tokoa ny tany, ary NY VOLON'ONDRY dia MAINA tanteraka!



Ary dia niainga niaraka tamina vatan-dehilahy 32.000 Gideona, saingy nahenan'Andriamanitra ho 300 lahy ihany ireo mba tsy hireharehan'Israely hoe: "Ny tanako ihany no namonjy ahy".



Hitan'Andriamanitra fa mbola natahotra ihany i Gideona, ka dia nataony naheno ny resaka nifanaovan'ireo miaramila Midiana roa lahy mifampitantara nofy izy.  Tao anatin'ilay nofy dia nisy mofo vary hordea iray nikodiadia nankeo amin'ny tobin'ny Midiana ary dia namotika azy.



Raiki-tahotra ilay mpiambina iray sady nikiaka mafy hoe: "Ny... sabatr'i Gideona!" Ary rehefa ren'i Gideona ny amin'ilay nofy sy ny heviny, dia fantany fa ho avy hitondra fandresena ho azy Andriamanitra.



Nanomana fanafihana iny alina iny ihany Gideona. Notolorany anjomara sy siny foana misy fanilo avy ny miaramilany, ka dia nitoby manodidina ny tobin'ny Midiana izy rehetra.



Vao nanome famantarana i Gideona, dia nitsoka ny anjomarany avy ny miaramila, namaky ny siny teny an-tanany no sady nandrehitra ny fanilony. Tabataba sy korontana re izao! Natahotra mafy ireo Midiana ka dia lasa nandositra lavitra.



Taorian'io fandresena lehibe io, dia nangataka an'i Gideona hitantana ny fanjakany ny vahoakan'ny Israely. Saingy nanda Gideona. Fantany mantsy fa Andriamnitra irery ihany no manan-jo hitantana ny fiainan'ny vahoaka.



Ilay tafika kelin'i Gideona

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Mpitsara 6-8

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava."
Salamo 119:130

Tapitra

15

60

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala amin'ny fahotanao ianao,
dia izao no afaka lazainao amin'Andriamanitra:
Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako, ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16